# ALAHADY 25 APR 2021

**« Mitandrema, fandrao manao tsinontsinona na dia ny iray aza amin'ireny madinika ireny ianareo ». Matio 18 :10**

Izay ny hafatry ny Tompo ho antsika anio ry havana. **SAMBATRA IANAO MADINIKA.** Izany ny hafatra androany. **SAMBATRA IANAO MADINIKA.** Nahoana ? **SATRIA MIAHY ANAO MANOKANA JESOA.**

Rehefa mijery vaovao, dia indraindray moa vizana ianao mijery vaovao fa ohatran'ny eo ihany no miverina. Dia misy sokajin'olona mitaraina, toa maro an'isa ihany izy ireo. Mitaraina izy ny amin'ny zavatra iainany, ny fahoriana zakaina amin'izao fotoana izao ; miteny amin'ny fitondrana hoe : « mba jereo izahay e, jereo izahay madinika e ». Dia maheno an'izany ry havana, dia hoy izahay, hoy ny Fanahy Masina hoe : **SAMBATRA IANAO MADINIKA FA MIAHY ANAO MANOKANA JESOA.**

Andeha ary jerentsika hoe iza no atao hoe « madinika » izany, iza no atao hoe « madinika » ? Jerentsika ireo textes 3, ho jerentsika fohy dia fohy ireo textes 3 satria misy karazana « madinika » 3 ao amin'ireo textes ireo, ary misy karazana « madinika » mazava be. Ary mazava be ohatr'izany koa ny fiahian'ny Tompo an'izany « madinika » izany, araka izay nolazaina teny am-piandohana.

**Ohabolana 22.** Ny « madinika » resahina voalohany anio ry havana, ao amin'ny **Ohabolana 22** dia ny zanaka nateratsika. Hoy ny **Ohabolana 22 :6** izay tena fantatsika tsara: **« Zaro amin'izay lalana tokony halehany ny zaza, ka na rehefa antitra aza izy, dia tsy hiala amin'izany ».**

Ilay « madinika » resahina eto : ny zaza nateraky ny kibontsika. Ireo no « madinika » ry havana. Ary ahoana ny fiahian'ny Tompo azy ? Ny fiahian'ny Tompo azy : amin'ny alalan'ny ray aman-dreniny niteraka azy, dia atoro, didinà hoe : *« zaro amin'ny lalana tokony halehany ireo zaza ireo, ka na rehefa antitra aza izy, dia tsy hiala amin'izany ».* Zaro ;

baiko izany ry havana.

Misy an'izay hoe Susanna Wesley ; Susanna Wesley maman'i Charles sy John Wesley. Anarana mijoalajoala izany eo amin'ny sehatry ny christianisme ry havana ô. Susanna Wesley nitaiza an'i Charles sy John Wesley ary nanana zanaka 15 hafa tamin'ny vadiny. 17 izany ny zanany, iray ray iray reny. Mijoro vavolombelona izy ny amin'ny nitaizany ny zanany, nitaizany ny madiniky ny Tompo ho an'ny Tompo ry havana ô, ka hoe nampizarany ireo zanany ireo amin'izay lalana tokony halehany. Ary tamin'ireo 17 ireo, tena nisy 2 lahy tena nisongadina, tsy tao amin'ny ankohonana ihany, fa teo amin'ny tantaran'ny christianisme. Misy 7 ireo torohevitra omeny, ilay fijoroana vavolombelona omeny :

1. Folao, hoy izy, folao ny sitrapon'ny zanakao hanaraka ny sitrapon'Andriamanitra. Izay. Tsotra ange izany e. Fa ilay zaza vao kely iny no mora zarina amin'izany. **Folao ny sitrapon'ny zanakao hanaraka mandrakariva ny sitrapon'Andriamanitra.**
2. Faharoa, hoy Susanna Wesley, **ampianaro mivavaka izy raha vao mahay miteny.**
3. **Aza omena azy izay angatahiny fa omeo azy hatrany, hanaovy sacrifice raha ilaina, izay zavatra rehetra mahasoa azy sy mampandroso azy.**
4. **Rarao mazava ny lainga eo amin'ny fiainan'ny zanakao.**
5. Hoy Susanna Wesley, hoe : **aza faizina ny zaza rehefa nanota na nanao ditra ka avy hatrany izy dia nifona sy nibebaka. Aza faizina izy. Ary azavao azy tsara hoe tsy faizina ianao satria tonga dia nifona.**
6. **Féliciter-o izy, encourager-o izy, ankasitraho izy rehefa nanatanteraka zavatra araka ny sitrapon'Andriamanitra**
7. Ary farany, andraikitsika ray aman-dreny : **izay zavatra ampanantenainao ny zanakao, ny promesses ataonao amin'ny zanakao : aza avela hisy tsy ho tanterakao**

Izay ilay izy ry havana, izay ilay fijoroana vavolombelona

nataon'i Susanna Wesley. Adinoko, teo amin'ilay hoe **folao,** eo amin'ilay poiny voalohany, **folao ny sitrapon'ny zanakao hanaraka ny sitrapon'Andriamanitra ; ary faizo izay zavatra rehetra manana endrika rébellion.** Izay ilay **Fahamarinana 1.**

Izay izany ilay hoe : Jesoa miahy manokana ny « madinika » : isika ray aman-dreny niteraka no asainy miahy an'izany madiniky ny Tompo izany.

Hoy ilay philosophe anankiray : ***« Façonnons d'abord nos habitudes, puis nos habitudes nous façonneront ».*** Izay no lazain'ny **Ohabolana 22 :6** ry havana : isika ray aman-dreny mi-façonner ny habitude-ny zanatsika ; avy eo ilay habitude mi-façonner ny zanatsika hanana toe-panahy araka an'Andriamanitra. Ary zava-dehibe izany amin'ny ankapobean-javatra ; fa zava-dehibe izany amin'izao vanim-potoana iainantsika izao satria mihazakazaka ny fivoaran-javatra ; tsy fantatrao na mankaiza na mankaiza izao tontolo izao ary indraindray tsy arakao mihitsy hoe mankaiza sy mankaiza izany fivoaran'ny fiainantsika izany. Fa rehefa hoe nozarina amin'ny lalana tokony halehany ny zaza, dia tsy miala amin'izay izy n'inon'inona zavatra sedrainy eo.

Mivadika any amin'i **Matio** isika ry havana. Ilay teny teo, hoe : **« Mitandrema, fandrao manao tsinontsinona na dia ny iray aza amin'ireny madinika ireny ianareo ».** Tenin'i Jesoa izany. Iza indray ary ilay « madinika » tena hoe iahian'i Jesoa manokana eto ? Ity mifanakaiky amin'ireo olona mitaraina ao amin'ny journal télévisé ny hariva : ilay olona tena hoe mijaly fadiranovana. Fa raha izay no iaingana dia hoe azo hitarina ilay izy. Ilay « madinika » mijaly fadiranovana, fa amin'ny ankapobean-javatra : ilay olona mahantra, ilay olona tsotsotra, ilay olona tsy mba tia sehoseho satria tsy manana an'izay isehoana, ilay olona kely fianarana ; kely ny fianaran'ilay olona tsotsotra ka mipiripirina, manetry tena izany. Fa rehfa jerena koa ny Soratra Masina, ilay hoe « zaza madinika » dia ilay olona tsy mivatravatra, ilay olona tsy mitompo teny fantatra, ilay olona araky ny itiavan'i Jesoa

azy, hoe : manahaka ny toetran’ny zazakely, Ilay olona miavaka, mbola toetra hafa koa izay, amin’ny fahatsorana <. Izany ilay « madinika ». Ao izany ilay fahantrana, ao ihany koa ilay fahantrana ara-panahy, ilay tsy fianarana sy ny karazany. Dia matetika olona ataon’ny fiaraham-ponina an-kilabao. Hoy Jesoa : « Mitandrema, mitandrema fandrao manao tsinontsinona na dia ny iray aza amin’ireny madinika ireny ianao ».

Ianao ry havana ô, mety ao anatin’izany sokajy mahatsiaro madinika izany. Izany ny vaovao mahafaly : mijery anao manokana ny Tompo, mandinika anao manokana ny Tompo, tia anao manokana ny Tompo ary mampitandrina izy an’izay rehetra mitady hanao tsinontsinona anao.

Fa inona moa ilay hoe : « Mitandrema, fandrao manao tsinontsinona » ? Tsy dia hita, izany ve moa dia mila azavaina ry havana ? Ny manao tsinontsinona dia ilay hoe : mi-mépriser. Izay : manao tsinontsinona = mi-mépriser. Mi-mépriser, manao tsinontsinona amin’ny fijery, manao tsinontsinona amin’ny fihetsika. Mampalahelo ry havana, rehefa mahare olona miteny hoe : « an an an, tsitan’i Pasitera fa iny, iny, raha vao olona manan-katao ao am-piangonana ao, dia hiazakazahany atao izay hinamanana aminy.  Fa raha vao olona mavomavo izany, tsy hitanao hiresaka aminy mihitsy ». Izay ilay hoe : aza manao tsinontsinona na dia ny iray aza amin’ireo madinika ireo : aza manao tsinontsinona amin’ny fiteny mandratra. Mahavariana ry havana, ary tsy mampino, raha tsy ray aman-dreny no miteny. Matetika moa ny Madama no tonga ao amin’ny birao ao : « Pasitera an, ento am-bavaka aho fa ny vadiko tena tia ny zanako, ilay ramose izany tena tia ny zanany ary tena hoe mivelona ho an’ny zanany, te hanampy azy izy an, mba ho tafita izy amin’ilay fianarana ; ny vadiko hoy izy tena repotra any am-piasana, fa rehefa tonga any an-trano izy, tsy maintsy mampianatra ny zanako. Tsy mamela azy aho ; izaho no tokony hampianatra hoy izy. Fa saingy izao : ilay vadiko, hoy izy, tena hoe tsy manana patience, hany ka vao diso kely ilay zaza,

nefa ilay exercice sarotra be, dia tena hoe tezitra, tsy manana patience. Dia tonga ao an-trano ilay vadiko, hoy izy, vao mamoha ilay varavaran'ny trano, dia efa miori-koditra ny zanako ». Aza manao tsinontsinona na dia iray aza amin'ireo madinika ireo. Izay ilay izy ry havana : aza manao tsinontsinona, aza mi-mépriser. Ary Jesoa rehefa miteny, tsy miteny izy hoe : aza manao tsinontsinona ny madinika amin'ny ankapobean-javatra, fa raisiny tsirairay, raisiny tsirairay ilay madinika. « Aza manao tsinontsinona na dia iray aza ». Ao izany ianao, ao amin'ny ankohonanao anio, atombotsika ao, ny ato Isotry Fitiavana atombotsika ao amin'ny ankohonana : aza manao tsinontsinona an'io vadinao io ianao, aza manao tsinontsinona ny zanakao ianao, aza manao tsinontsinona ny ray aman-dreninao ianao. Izay ilay notenenintsika tany am-piandohana hoe : sambatra ianao raha madinika satria miahy anao manokana Jesoa. Ary henonao izao ny hafatra, hafatra ho an'ilay olona mpanao tsinontsinona anao.

Ary Jesoa ry havana tsy miteny fotsiny hoe : « aza manao tsinontsinona na dia ny iray aza », fa mazava ny teny hoe : *« Fa lazaiko aminareo : ny anjeliny any an-danitra mahita mandrakariva ny tavan'ny Raiko Izay any an-danitra ».* Ianao madinika io, ianao mahatsiaro madinika io, izay no atao hoe : Sambatra ianao raha madinika, satria ambaran'i Jesoa hoe : manana anjely ianao any an-danitra. Fampiizany, fa tena hoe anarana jiosy tamin'izany fotoana izany noraisin'i Jesoa tanteraka hoe : ny madinika dia manana anjeliny any an-danitra eo anatrehan'ny tavan'ny Rainy. Inona no dikan'izany hoe : eo an-tavan'ny Rainy ? Ilay anjelinao madinika io mahita ny Ray mandrakariva ary ny Rainao any an-danitra mahita anao ; ny Rainao mahita anao dia maniraka ny anjelinao Izy miteny hoe : « ndana ampaherezo io zanako io ».

**Asa izay fiahian'ny mpitondra fanjakana anao madinika ; fa tsy izany ny zava-dehibe ry havana ô. Fa ianao manana anjely any an-danitra eo amin'ny fanatrehan'ny Rainao, akaikin'ny Dadanao any an-danitra mandrakariva, ary mandray ny teniny isan'andro**

**isan'andro, ao anaty fahoriana, ampaherezana anao. Izany no maha-sambatra anao raha mahatsiaro madinika ianao. Mazava be ny hafatry ny Soratra Masina hoe : tena misy ireo anjely ireo, tsy tokony hivavahana ireo anjely ireo an, tsy tokony omem-boninahitra tahaka an'Andriamanitra ireo anjely ireo ; fa tena misy. Ary izany ange no efa nitenenan'ny mpanao Samalo e, any amin'ny Salamo 34 :7 izay fantatsika tsara, hoe : *« Ny anjelin'i Jehovah mitoby manodidina izay matahotra Azy ka mamonjy azy ».* Mino an'izany ve ianao ? Sambatra ianao raha madinika ry havana ô, sambatra ianao raha madinika, satria ao anatin'izany fahatsiarovan-tena ho madinika izany, no ampahatsiahivan'ny Fanahy Masina anao, hoe : Ok Ok, madinika ianao e ety an-tany, madinika ianao ao amin'ny fianakavianao ; fa manana anjely ianao eo akaikin'ny Rainao any an-danitra ary sambatra ianao.**

Ny « madinika » fahatelo farany dia ao amin'ny Epistily nosoratan'i Jaona ry havana. Hoy ny Epistily nosoratan'i Jaona, **1 Jaona 2 :1 : « Anaka, izany zavatra izany no soratako ny aminareo mba tsy hanotanareo ».** Anaka. Io ilay karazana « madinika » fahatelo.

Tsara mandrakariva ny mandeha mijery ny dikan-tenin'ny Segond e. Eo amin'ilay hoe « Anaka », mety ny fandinkan'ny Segoind ilay teny grika hoe « Mes petits-enfants ». Izay ilay « madinika » resahina eto. Ilay zandry zanaka malalan'ny Apostoly Jaona. Izay no resahina eto. Ilay zandrikelin'i Jesoa : izay no resahina eto.

*« Anaka, izany zavatra izany no soratako ny aminareo mba tsy hanotanareo. Ary raha misy manota, dia manana Solovava ao amin'ny Ray isika, dia Jesoa Kristy, Ilay Marina ».* Inona ny vaovao mahafaly ? Manana Solovava ianao « madinika ». Zavatra tena manahirana eo amin'ny fiaraha-monina ry havana dia ny ady any amin'ny tribonaly. Tena manahirana. Ary isaorana ny Tompo tato amintsika Isotry Fitiavana, ataoko hoe 2004, tsy tadidiko, fara-fahelany 2005, fa 2004 raha tsy diso aho, nanangana an'izany hoe « consultation juridique gratuite »

izany isika mba hanomezan'ny mpitsara ato, hanomezan'ny avocat ato sy ny mpahay lalànà ato, hoe : toro-lalana. Tsy misolo toerana ilay avocat any an-tanànà any izy akory, fa hoe : izao ny position du problème ary izao no toro-lalana azo zaraina aminao.

Ny vaovao mahafaly eto, dia hoe : raha misy manota dia manana Solovava ao amin'ny Ray isika zanaka. Inona no tena dikan'izany ? Mampieritreritra ry havana, ary izay ny vaovao mahafaly : ny Raintsika dia Masina, ny Raintsika dia tanteraka. Ary satria tanteraka Izy ry havana, satria Izy parfait, dia tiany koa ianao zanany ho parfait. Mazava be izany. Hoy ilay mpitoriteny anankiray izay, hoe : tiany ianao ho parfait amin'ny « perfection absolue ». Fa izao, izao no maha-fitiavana Azy : tiany ianao ho tanteraka, tiany ianao ho masina satria Masina Izy ; fantany tsara anefa ny niavianao, fantany fa vovoko no niavianao, dia malaky lavo ianao. Inona ny vaovao mahafaly ? Hoy ny Apostoly Jaona hoe : *« Ary raha misy manota, dia manana Solovava ao amin'ny Ray isika ».* Vao manota ianao : tonga avy any Jesoa eo akikinao. Haninona ? Tsy ohatran'ny mpisolovava ety an-tany : tantarao ahy tsara aloa e, namono ianao sy tsy namono ? Rehefa tsy namono ianao dia tsy namono. Ilay olona izany. Rehefa tsy nangalatra ianao dia tsy nangalatra. Fa raha nangalatra ianao, raha namono ianao an, tiako ho fantatra ahazoako miaro anao hoe : an an an izao no iarovana anao mba tsy hiampangana anao amin'izany. Fa ny an'i Jesoa tsy izany ry havana. Raha vao manota isika : tonga Izy Solovava miteny hoe : « E, nanota ianao ; tsy izany no problema. Nanota ianao, fa Izaho Solovavanao, mangataka aminao Aho hiaiky heloka. Mangataka aminao Aho hiaiky heloka. Iray izay. Ary mangataka aminao Aho faharoa, hiala amin'izany helokao izany ». Izany io Solovava tonga hiaro anao madiniky ny Tompo io ry havana ô. Ary rehefa avy ny devoly hiapanga : io Pasitera, io Diakona, io izao, io izao ; avy ny devoly hiapanga, dia hiteny Jesoa avotra noho ny helokao: « an an an ; ny otan'io : efa teo amin'ny compte-ko teo amin'ny hazo fijaliana ». Izany ny vaovao mahafaly, izany ny vaovao tsy

manam-paharoa ry havana ô. Rehefa avy ny devoly hiapanga : miteny amin’ny devoly Jesoa hoe : « efa Ahy io ». Avy ny devoly hiapanga : mifona amin’ny Ray ary miaro antsika eo anatrehan’ny Ray i Jesoa.

Izany isika « madinika », izany isika zandry zanaka malalan’ny Apostoly Jaona, izany isika zanak’Andriamanitra Raintsika ry havana ô.

**Mazava ilay hafatra androany : Sambatra ianao sambatra ianao madinika, ianao zanaky ny rainao sy ny reninao ; sambatra ianao madinika ahilikiliky ny fiaraha-monina ka manetry tena na manetry tena tsy satry ; sambatra ianao zandry zanaky ny Apostoly Jaona ; sambatra ianao zanaky ny Rainao ; fa miahy anao manokana Jesoa.**

Ho aminao ny fahasoavan’ny Tompo. Amena